TARATASY FAHAMPAHAFANTARANA FANDIOVANA NY TANINDRAZANA

Manoloana ny Tanindràzana sy ny Hasim-piandriànam-pirenena ary ny Vahoaka sy ny Zo aman-kasina maha-olona sy ny Aina, manoloana ny rariny sy ny Fahamarinana amin'ny Tanindràzana, ary ny andraikitra manandrify ny Maha-Raiamandreny Mpitan-kazomangan'ny Firenena, izay tsy mijery sy tsy mikendry hafa-tsy izay hahasoa sy hahatsara ny Tanindràzana.

Amin'ny maha-Arofanina tampony sy ny maha-alokalom-pahendrena mozanabe tsy mitanila manoloana ny Tanindràzana sy ny fisorohana ny loza tsy hanjo ny Firenena sy ny Vahoaka.

Dia mampahafantara ny Raiamandreny ; fa handio sy hamerin-kasina ary hitso-drano ny Tanindràzana eo amin'ny Kianjaben'i Mahamasina misy ny Vatomasina ankehitriny.

Tanjona amin'izao fandraisana andraikitra izao, ny hitsaraharan'ny tsy mety rehetra sy izay mifamatotra amin'ny tetika fanjananàhan-tany sy ny fambotriàna, fampahantràna ny Firenena sy ny fihinànam-bahoaka eto amin'ny tany sy ny fanjakàna faran'izay haingana indrindra, mba hiposahan'ny anjara-masoandro ho ny fahasoàvana amin'izay no hirotraka eto Madagasikara.

Raha ny tena tokony ho izy mantsy, dia efa tokony ho fiainam-baovao tsara rindra, milamina sy feno fitoniàna amin'izay no hisy eto Madagasikara ; Firenena masina sy ankasitrahan'ilay Andriananàhary sy ny Vahoaka no hisy, ka nahatonga izao famarànana ny Tolom-panafâhana izao, izay natomboka teo Antaninarenina tamin'ny 07 Fébroary 2024. Nanamarihana ny famaranana ny soron'olona amin'ny fanorenam-panjakàna. Nanombohana ihany koa ny famaranana ny Tolom-panafahana 47, hampitsaharana ny fanjanàhana tanteraka ny Firenena sy ny Vahoaka, hamerenana an'i Madagasikara amin'ny Malagasy masi-madindy amin'ny Taniny.

Io andro manan-tantara io ihany koa, no nanamarihana ny fanombohana ny fanomanana ny fanorenana ny Fanjakàna Malagasy mifamatotra amin'ny fomban-tany. Fanjakàna mendrika ny Hasin'ny Fiizina malagasy amin'izay, manana Endrika jéografika vaovao manan-dàja eo anatrehan'izao Tontolo izao. Firenena tsara rindra, matanjaka ara-toekarena mahevelona sy mahavoky tsara ny Vahoakany, Firenena milamina mandry fahalememana sy maha-te-honina mampireheraha sy mampidam-pinaritra ny Malagasy no hirina hisy eto Madagasikara.

Mba hahatahteraka izany.

Ny (ARFM) Antenimieran'ny Raiamandreny Foko Malagasy, ny (BAAAM) Betsileo-Antemoro-Antanosy-Antandroy-Makoa, Ny Grandsud, ny Triangle du Nord ary Imerina enintoko sy ny Vondronkery mpiara-dia, Dia mampahafantatra amin'ireo Mpiadidy tompom-pahefâna antaratasy sy Haino amanjery sy antsoratra rehetra, na miankina na tsia amin'ny fanjakàna mba hampita azy mamaim-poana amin'ny Vahoaka malagasy rehetra manerana ny Nosy :

- Filoham-pirenena sy ny Andrimpanjakàna rehetra, Ny Mpitandro filaminana, ary mbola mampa-tsiàhy fa an'ny Malagasy masimandidy amin'ny Taniny i Madagasikara.
- Manambàra amin'ny Vahoaka malagasy manerana ny Nosy sy ny Loha-poko rehetra, fa tonga ny fotoana handraisana an-tànaba ny Firenena.
- Mampahafantatra ny Fiadidiàna ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra sy ny Préfet de Police ary ny EMOREG sy ny EMONAT. Fa hanao famoriam-bahoaka manoloana ny fihatrehana ny Firenena sy ny Zo aman-kasin'ny Vahoaka izahay.
- Toerana eo amin'ny Kianjaben'i Mahamasina ny Asabotsy 24 Fébroary 2024.

Amin'ny maha-raharam-panjakàna sy ny Firenena azy. Amin'ny maha-tompon-tany tompony tsy mangataka ny atiny ny Malagasy, manoloana izao fanatanteraha ny Fompam-panjakàna, amin'ny alàlan'ny Ala-fady ary ny Famerenan-kasina Tanindràzana ary ny Tsitsika sy ny Hasina, manoloana ny fanavotan-tanindràzana tarihin'ny Raiamandreny sy ireo mpira-dia amin'ny Vahoaka izao.

Rariny sy hitsiny kosa, raha hamoraina ny fanatanterahana izany sy ny fanokafana ny Kian-jaben'i Mahamasina misy ny Vatomasina hanatanterahana ny Lanonan-dehibe hanombohana ny fanàjana ny fombam-panjakàna sy ny Firenena, ny famerenan-kasina ny Hasin-tanindràzana sy ny Hasim-piandriànam-pirenena hamerenana indray ny fanajàna ny Zo aman-kasina maha-olona ary ny Hasin'ny Aina ary ny Firaisankina sy ny Fihavànana ary ny Hàjam-pirenena.

Fanamarihana :

- Ny Fomban-dràzana no maha-malagasy ny Malagasy. Amin'ny maha tompony tsy mangataka ny atiny, dia tsy hisy sandany fa maimam-poana ny fampiasàna ny kiànja, satria, hanorina Fanjakàna malagasy amin'izay ny Malagasy.
- Hamoraina ny fananterahana ny fihaonambe, ka tena hitandro ny filaminana no andraikitry ny fianakaviamben'ny Foloalindahy, fa tsy hijoro ho herim-pamoretana.
- Ilaina ny fifandrimbonana amin'ny maro na iza na iza, satria raharaham-pirenena no hatrehina ara-drariny sy am-pahamarinana ao anatin'ny fifanjàn-kasina samy Malagasy miatrika ny Fireneny sy ny Zon'i Madagasikara hatanjaka ara-toekarena amin'izay.
- Filaminana sy izay hahasoa sy hahatsara ny Firenena no kendrena, Firaisankina sy Fihavànana no hampanjakàna ; ka tsy tokony hisy ny sakatsakana.
- ✓ Manoloana ny fifampiresahana mahakasika ny Tanindràzana ao anaty fifanajàn-kasina ; dia tsy vato misakana amin'izany ny Raiamandreny sy ny Mpiara-dia aminy ; manery ny hisian'ny fifampidinihana samy Malagasy am-pitoniana sy an-kotsi-po, ary am-pahama-torana sy ara-drariny sy ny hitsiny ary am-pahamarinana.
- ✓ Tsy mitady rano ho ritra izahay manao sonia eto ambany, fa hamalo ho azo.

Eto am-pamaràna, dia maneho ny fisaorana sy manamafy ny hainga ongotry ny solotena isa-poko hanatanteraka ny Fomba. Samy mifanomam-batsy sy saran-dàlana mandroso sy miverina.

Hifety sy hiravo isika, koa hasaina ny Mpanakanto miaraka amin'ny zavamaneno sy ny Mpihira ary ny fanamafisam-peo faran'izay matanjaka, Ilaina hisian'ny Afomanga ny hariva hampitotorebika ny Vahoaka. Hisy ny Nofokena mitam-pihavanana raha vory ny ho enti-manana.

Alefa Madagasikara, Malagasy amin'izay

Natao teto Antananarivo, ny 13 Febroary 2024.

Ny ARFM	BAAAM	TRIANGLE DU NORD	IMERINA ENINTOKO	GRAND SUD
Filohan'ny A.R.F.M.	P.O.			
RAKOTONDRASOA Noël	RAKOTOZARY	RAVOHITRA Marcel	RAFANOMEZANTSOA	